Fifamoivoizana - Fiainana andavanandro

**Mbola ho hatramin'ny faran'ny taony ny fijaliam-bahoaka** 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 8 Aogositra 2019 Laharana 940 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Angovo** 2

Tsy mbola mivaha ny olana amin' ny fahatapahan'ny herinaratra


**Lalao Ravalomanana** 2

## Mbola mendrika hitondra ny renivohitra



**Resaka ady tany** 3

## Naiditra am-ponja ny senatera Joseph Yoland



**FILAN-KEVITRY NY TANÀNAN'ANTANANARIVO** 2

Loha-hevitra miisa 9 no dinihana sy handraisana fanapahan-kevitra



**Befandriana Avaratra** 3

Tao aorian'ilay ben'ny tanàna, namoy ny ainy koa ilay CB ny zandary

**Andohatapenaka** 6

Mpangalatra moto, vao nahita ireo polisy dia nirifatra

**Ny Valosoa sy Mahasoa** 4

Fomba natoraly fanalana kankana

**Daka kely**

Efa mba miha mandeha mafy ve ilay sokatra ry Boaikely a !

**Total CAF Champions League 2019** 6

**Pamplemousse SC hifanandrina amin'ny Fosa Junior**



LALAO RAVALOMANANA

# Mbola mendrika hitondra ny renivohitra

Na natao fahirano aza Antananarivo Renivohitra noho ny firehana politika tsy mitovy, teo amin'ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpitondra fanjakàna nifandimby : toa an'i Hery Rajaonarimampianina izay nondimbiasan'i Andry Rajoelina filohampirenena tato aoriana dia tsy nahasakana ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana tsy hanao ny asany manandrify azy izany tamin'ny fitantanana ny tanànan' Antananarivo : Renivohitr'i Madagasikara, izay soa iombonan' ny Malagasy. Kaominina an-drenivohitra tsy mba nahazo fanampiana ( subvention) avy amin'ny fanjakàna foibe Antananarivo , nefa noho ny fahaiza-mitantana teo amin'ny mpitantana ny tanàna dia afaka nampandeha araka izay fahafahan'ny kaominina madiodio nampandeha ny raharaha ankapobeny ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny ekipany. Eo amin'ny fifandraisana amin'ny mpiasan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra izay efa miisa 3000 mahery dia tsy mbola nisy fahataràna hatramin'izay ka hatramin'izao ny karaman'ireo mpiasa, na iray volana aza nandritra izay. Tsy adinon'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ihany koa ny manome tambi-karama (prime) sy fanomezana ho an'ireto farany isaky ny Asaramanitra : taombaovao sy fetim-pirenena . Nandritra ny fitondràn'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana dia nomena sehatra ny boriboritany 6 eto Antananarivo Renivohitra hijery ny olana mahazo ny mponina any amin'ireny boriborintany tsirairay avy ireny. Hita tao anatin'izany ny fanamboarana ny lalankely tsizarizary izay tena nampitondra faisana ny mponina , indrindra rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra. Misy ny ezaky ny CUA madiodio amin' ny fanamboarana ireny fotodrafitr'asa ireny ary misy ihany koa ny fiarahana amin'ireo mpiaramiombon'antoka eto antoerana sy avy any ivelany . Eo amin'ny fanadiovana ny tanàna indray dia tsy mikely soroka ny CUA manadio . Manomboka amin'ny 5 maraina dia efa tazana avokoa ireo mpamafa lalàna mameno ny araben'Antananarivo mitondra ny fako eny amin' ny daban-jaoridira andraikitra sahanin'ny CUA. Ny ekipa miandraikitra ny asa vaventy ao amin' ny CUA sy eny amin'ny boriboritany dia manao ny asa tsy an-kijanona misikotra ny lotobe eny amin'ireo fantsona fivoahan'ny rano maloto rehetra eny , ary manamboatra ny fotodrafitr'asa simba sy manampina ireo lavadavaka eny ami-n'ny arabe . Ny lafiny sosialin'ny mponina dia tsy mba nanao ambanin-javatra izany ny kaominina Antananarivo Renivohitra fa marobe ireo asa sosialy natao tamin'izany . Teo ny fijerena ireo niharam-boina toy ny may trano , loza mihàtra tampoka eto Antananarivo sns... TSY NIJERY FOTSINY IRENY Ramatoa ben'ny tanàna fa nisy hatrany ny fitondràna izay voatsirambin'ny tanana. Ankoatra izay, ao ireo nanaovana fisoratam-panambadiana maimaimpoana , fanaovana didimpoitra sy ny maro hafa tsy ho voatanisa eto. Fehiny, vitan'ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpiaramiasa aminy ny fitantanana ny tanànan'Antananarivo na tsy navela hanao ny asany am-pilaminana aza izy ireo . Vokatr'izany , mbola tena mendrika hitondra ny tanànan'Antananarivo Renivohitra i Neny , fa tsy araka izay vavan'ny maty an-drano sy ireo tratry ny tsy tia mainty amin'ny fianakaviana RAVALOMANANA. Ny toetsaina izay lomorina sy potika nandritra ny fanongānam-panjakàna teto amin'ny firenena ny taona 2009 no anisan'ny nahapotika ny tanàna sy nampiova ny toetsain'ny mponina ho tia gaboraraka amin'izao fotoana izao . Taratry ny fahantrana vokatr'ireny ny fisian'ny mpivarotra amoron-dalana marobe eto Antananarivo , eny maneran' an'i Madagasikara mihintsy, satria izay sisa no ahafahana mamelona ny tena sy ny ankohonana . Ka na inona na inona fanaratsiana atao amin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana dia mendrika izy satria tsy novaliany akory ny fanaratsiana natao azy fa vao mainka aza novaliany asa ireny. Vehivavy voalohany voafidim-bahoaka mitondra an'Antananarivo izy ary vitany soa aman-tsara izany andraikiny izany.



***Helisoa***

> *Ny Valosoa sy fakafaka*
>
> ## Tsy mbola mivaha ny olana amin' ny fahatapahan'ny herinaratra
>
> Miditra amin'ny volana fahavalo amin'ity taona iaraha-mandia ity isika ankehitriny. Tsy mbola mivaha ny olana amin'ny fahatapatapahan-jiro isan'andro. Na fahatapahana tsotra ( coupure) na amin'ny fahapahana delestazy dia mitovy ihany io ho an'ny vahoaka mpanjifa. Mbola mitohy ny fahatapahana herin'aratra eto amintsika ary tsy mbola mivaha tanteraka ny olana na eo aza ny lazaina ho ezaka ataon'ny fitondrana. Io toe-javatra io anefa no nanakianana mafy ny fitondrana teo aloha: fitondrana an-dRajaonarimampianina. Nanakiana mafy izany ny ankamaroan'ireo olona tomponandraikitra eo anivon'ny fitondrana ankehitriny ary niseho hamaha izany nony tonga teo amin'ny toerana kanefa mbola tsy tafavoaka ny ala hatramin'izao. Manimba zavatra fampiasa ao an-tokantrano na any amin'ny toeram-piasana, na amin'ny toeran-kafa samihafa ny fahatapatahan'ny jiro, na ny herin'aratra lava izao ary manohintohina ny fiharian'ny maro. Tsy nisy akory anefa izay fialan-tsiny nataon'ny tomponandraikitra teo anivon'ny orinasa Jirama, na ihany koa teo amin' ny fitondrana tamin'ny mpanjifa tamin'izany trangan-javatra izany. Izany hoe, ny omaly tsy miova aloha no misy hatreto eo amin'ny fiainam-pirenena eo amin'io lafiny io. Ny manafintohina ny mpanjifa indrindra matetika, ankoatran'ny any amin'ny toeram-piasana, dia amin'ny fotoana tena ilany azy no mitranga ny fahatapahana, toy ny andro sabotsy tolakandro sy hariva, na ao anatin'ny alahady tontolo andro. Ho an'ny any amin'ny faritra sasany, dia miverimberina ny fahatapatahana ao anaty fotoana fohy, misy tsy ampy dimy minitra akory, ary mety hanimba zavatra betsaka anefa ny vokatr'izany.
>
> Lany andro manao kajy politika ve ny fitondrana Rajoelina, ka tsy mahavaha ao anaty fotoana fohy ny olam-bahoaka amin'ny fiainany andavanandro? Iaraha- mahalala ihany ny fifidianana notanterahina izay sy ny mbola ho avy, ary niaraha- nahita ny fihetsiky ny fitondrana tao anatin'izany. Ny hamaha ny olam-piainan'ny vahoaka anefa no nanaovana angoan-tenda mafy tao anaty propagandy sy rehefa niakatra teo amin'ny fitondrana sy nahazo toerana. Efa miditra amin'ny fahavalon'ny volana izao isika, volan-kankafotra ny zava-misy iainan'ny vahoaka. Sao mbola ny zava-nisy tamin'ny tetezamita ihany ity miverina ity fa saingy miova endrika fotsiny?
>
> ***Sôh'son***

Filan-kevitry ny tanànan'Antananarivo

# Loha-hevitra miisa 9 no dinihana sy handraisana fanapahan-kevitra

Nanomboka omaly etsy amin'ny efitrano fivorian'ny Lapan'ny Tanàna Analakely ny fivoriana tsy ara-potoana, naharitra 3 andro, izay ataon' ny Filan-kevitry ny Tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanokatra izany tamin'ny fomba ofisialy omaly maraina ny filohan'ny filan-kevitry ny kaominina, Faustin Andriambahoaka, nanome voninahitra ny fotoana, nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ny sekretera jeneralin'ny kaominina, Randriamasinoro Tahiry Ny Riana. Tratra ny fetr'isa ilaina hahazoana mandray fanapahan-kevitra tamin'izao fivoriana izao, satria miisa 44 ireo mpanolotsaina ny tanàna tonga niatrika ny fivoriana. Loha-hevitra miisa 9 no dinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mandritra izao fivoriana izao dia ny kaontim-pitantanam-bolan'ny kaominina na ny compte administratif 2018. Tetibola fanampiny amin'ity taona 2019 ity na budget additionnel 2019. Fanitsiana ny taha alaina amin'ny dokam-barotra mifanohy amin'ny LFR 2019, na ny fanitsiana ny lalànan'ny tetibolam-panjakana 2019. Ny amin'ny ho fanangana ny Maison d'Arts d'Antananarivo, na ny Tranon'ny Taozavatra eto Antananarivo, antsoina hoe la "13ème Colline" an'ny fikambanana Marq-Madagasikara. Ny amin'ny ho fanatsarana sy ny fanomezan-danja ny Araben'ny Fahaleovantena Analakely. Fanomezan-dalana hananganana trano R +1 hatao cafeteria sy trano R +1 hatao ho birao, ao an-tokontanin'ny Boriboritany faha-4 Anosy. Fandraisana fanapahan-kevitra kaominaly momba ny fanekena na tsia ny Plan d'Urbanisme Directeur de l'aagglomération d'Antananarivo, na drafitra mahakasika ny tanàndehibe eto Antananarivo sy ny manodidina, avy amin'ny ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny trano fonenana ary ny asa vaventy. Tatitra manokana tamin'ny taona 2018. Ary tetikasa ho amin'ny fanatsarana ny fokontany Cité Jardin Mahamasina.

Tamin'io fotoana omaly io koa no nanolorana ny mpanolotsainan'ny kaominina vaovao, Ramatoa Voahanginirina Ida, nisolo ny mpanolotsaina iray avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), izay lasa depiote.



*Ireo nanokatra ny fivoriana tsy ara-potoanan'ny filankevitry ny tanànan'Antananarivo omaly.*

***Isambilo***

Midrand Afrika Atsimo

# Niatrika ny fivoriana faha-10 ny filohana parlemanta Rivo Rakotovao

Niatrika ny fivoriana fanao isan-taona faha-10 ny filohana parlemanta aty Afrika, tatsy Midrand Afrika Atsimo, naharitra 2 andro ary nifarana omaly, ny filohan'ny Antenimierandoholona Malagasy, Rivo Rakotovao. Niara-dia tamin'ny tamin'izany ny filoha lefitr'ity andrimpanjakana ity avy any Mahajanga Bienvenu Manjany, ary ny talen'ny kabinetrany Luc Marcel Rakotonirina. Loha-hevitr'izao fivoria-na iraisampirenena izao ny hoe: "Trouver des solutions durables aux migrations forcées pour accélérer l'intégration et le développement de l'Afrique : le rôle des parlementaires nationaux et régionaux ", na hoe : « ny fitadiavana vaha-olana maharitra amin'ny fifindra-monina an-tery, mba hanafainganana ny fampandrosoana an'i Afrika : ny andraikitry ny parlemantera eo amin' ny firenena iray sy ny isam-paritra ». Nasongadin'ny filohan'ny Parlemanta Panafrikana, Roger Nko-do Dang nandritra izany ny maha-zava-dehibe ny andraikitry ny mpnao lalàna amin'izay resaka fifindramonina izay. Voa- resaka tamin'izany koa ny momba n,y krizy politika samihafa aty Afrika, ny tsy fandriampahalemana, ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona, ny tsy fisian' ny famoronana asa, ny fiovaovan'ny toetr'andro, ... dia anisan' ny fototry ny fifindra- monina an-tery io avokoa.



*Ny filohan'ny Antenimierandoholona Malagasy, niatrika fivoriana tatsy Afrika Atsimo.*

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fifamoivoizana - Fiainana andavanandro

# Mbola ho hatramin'ny faran'ny taony ny fijaliam-bahoaka

Nanaitra ny filazan'ny ministra tomponandraikitra fa any amin'ny volana desambra faran' ny taona no hahavitan'ny asa fanamboarandalana amin'ireo lalana eto Antananarivo, izay mihazo ireo lalam-pirenena rehetra. F'angaha tsy volana oktobra indray? Efa nisy mihitsy aza ny filazana tany am-boalohany fa volana septambra no hamitana azy ireo. Nambara ihany koa fa famatsiam-bola avy amin'ny Vondrona eoropeana no ahafahana manatanteraka izao asa izao. Toa miova eny am-pandehanana anefa ny raharaha ny fahitana azy. Voalaza ihany koa fa vao ny 47, 95% ny asa no vita hatreto, izany hoe tsy mbola misasaka akory kanefa efa am-bolana maromaro izay no nanombohana ny asa. Mbola hisy efa-bolana be izao izany vao ho heverina ho vita ireo lalana ireo raha ho vita?
Manoloana ny asa fanamboaran-dalana dia lasa tandra vadin-koditra ny fitohanana eto an-drenivohitra sy ny manodidina isan'andro, ary tsy andavanandro tsy andro alahady sy tsy andro fiasana. Ambara mandrakariva fa misy akony ratsy eo amin'ny fiainam-bahoaka indrindra eo amin'ny fiahiany sy fivelomany izany. Voakasik'izany ihany koa ny fianaran'ny mpianatra. Mety hilaza ny tomponandraikitry ny ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny trano fonenana ary ny asa vaventy, fa ny hahasoa ny vahoaka sy ny firenena izao fanamboaran-dalana izao. Tsy lavina izany, saingy indro kely araka ny tenin'ny mpandrafitra, tsy misy afaka handà fa ny rehetra no voa ao anatin'izany. Ny fitohanana iaraha-mahita tsara fa tsy an'ny mpitondra io satria izy afaka mampaneno kiririoka manisaka ny fiara rehetra mitohana, na afaka mandeha ihany koa amin'ny lalana hafa izay tsy azon'ny besinimaro atao. Tsy ny mpitondra velively no maty antoka ao anatin'izao fanamboaran-dalana eran'ny lalam-pirenena izao. Ary izay angamba, araka ny eritreritry ny mpandinika, no mahatonga ny asa atao milona be toy izao, fa tsy ihazakazahana mafy araka izay azo atao. Mihisatra mihitsy aza ny asa amin'ny toerana sasany, ary tsy hay lazaina intsony ny fijaliambahoaka ao anatin'izany. Fijaliana izay mbola haharitra ato anatin'ny efa-bolana ho avy indray…

***Radafy***

Depiote Alain Ratsimbazafy

# Fampiharana ny satan'ny mpanohitra izao fa tsy fanovàna azy

Mbola miteraka resabe eto amin'ny tontolo politika eto Madagasikara amin'izao ny mikasika ny resaka satan'ny mpanohitra eto Madagasikara. Ny filoha Andry Rajoelina moa nandritra ny débat natao nandritra ny fampielezan-kevitra tao amin'ny haino amanjerim-panjakàna RNM sy TVM dia nilaza mazava izy fa hataony lehiben'ny mpanohitra ny filoha Marc Ravalomanana raha lany ho filohampirenena izy . Ankehitriny anefa , hafa indray ny zavatra misy rehefa tonga eo amin'ny fitondràna izy . Nanambara ny fomba fijeriny ny depiote lany tao Atsimondrano Alain Ratsimbazafy mikasika io resaka satan'ny mpanohitra io , izay hiantsoana ny solombavambahoaka hivory ny 12 aogositra ho avy izao. Efa misy foana hoy izy ny fanehoan-kevitra mikasika io satan'ny mpanohitra io , izay efa ao anaty lalàna efa nahazo fankatoavana tamin'ny HCC , fa ny olana tamin'izany ny didy fampiharana azy no mbola tsy misy hatramin'izao . Mbola mitazona ny teninay izahay ao amin'ny antoko Tiako i Madagasikara hoy ny depiote Alain Ratsimbazafy, fa aleo aloha hampiharina ny lalàna izay efa misy fa tsy mety izany didy tsy nampiharina izany dia hovaina sahady.

***Helisoa***

Resaka ady tany

# Naiditra am-ponja ny senatera teo aloha Joseph Yoland



*Ny senatera teo aloha Joseph Yoland na Mômy.*

Noho ny resaka ady tany, tao Tanambao Fascène any Nosy-Be faritra Diana, naiditra am-ponja vonjimaika afak' omaly ao amin'ny fonjan'i Nosy-be Hell-Ville ny senateran'i Madagasikara sady CST teo aloha, Joseph Yoland na ny senatera Mômy. Raharaha tany tamin'ny taona2004 ity raharaha ity, ka nahatonga izao famonjana azy izao. Notorian'olona ho niditra an-keriny sy namotika zavatra tamin'izany tany izany ity loholona teo aloha ity, fototr'izao olana izao. Eo amin'ny sehatra politika, mpitarika ny TFI, na ny Tolona Fanorenana Ifotony amin'izao fotoana izy any amin'iny faritra Diana iny. Raha ny fandinihan'ny mpanarabaovao azy, misy resaka politika izao fisamborana izao satria anisan'ny mpanohitra izao fitondrana izao ny TFI.

***Ny Valosoa***

PAPA FRANÇOIS

# Ny 15 aogositra no hivoaka ny fahazoan-dalan'ny mpanao gazety




Hisy ny fahazoan-dalana manokana hitrandraka vaovao, ho an'ireo mpanao gazety maniry ny haka vaovao, mandritra ny fitsidihan'ny Papa François eto amintsika ny 6 ka hatramin'ny 10 septambra ho avy izao. Araka ny fanambarana nataon'ny mpikarakara, ny 15 aogositra ho avy izao no hivoaka izay fahazoan-dalana ho an'ny mpanao gazety izay, amin'io fitsidihan'ny Filohan'ny Eglizy Katolika Romana maneran-tany eto amintsika io. Ankoatra izany, fantatra izao fa mpanao gazety 450 no hampiaina ny fitsidihany eto Madagasikara. Papa Ray Masina faharoa hitsidika an'i Madagasikara izy tato anatin'ny telopolo taona. Ny voalohany nitsidika antsika dia ny Papa Joany Paoly faha-2 tamin'ny taona 1989, tanàna 3 no notsidihany tamin'izay dia Antananarivo, Antsiranana ary Fianarantsoa; ny an'ny Papa François kosa amin'ity indray mitoraka ity dia Antananarivo ihany, noho ny antony samy hafa, indrindra ny mahakasika ny fitandroana ny ain'ny Ray Masina. Mpanao gazety 450 no hampiaina ny fitsidihan'i Papa Fransoa eto: 70 amin'izy ireo dia manaraka azy any anaty fiaramanidina, avy amin' ireo fampahalalam-baovao avy any Vatican, izay manaraka an'i Papa, tafiditra amin'ilay antsoina hoe "Presse Papale" toy ny RAI, Vatican News, KTO, sns...
125 hafa dia avy amin'ny sehatry ny fampahalalam-baovao iraisam-pirenena. Ny ambiny dia mpanao gazety Malagasy avokoa.

***Isambilo***

Befandriana Avaratra

# Tao aorian'ilay ben'ny tanàna, namoy ny ainy koa ilay CB ny zandary



*Ny tanànan'i Befandriana Avaratra, tsy mandry fahalemana koa.*

Nodimandry omaly alarobia tamin'ny 12 ora30 tao amin'ny Hopitaly Soavinandriana Antananarivo ny Zandary prinsipaly kilasy ambony, Komandin'ny Tobim-paritry ny Zandarimariam-pirenena tao Befandriana-avaratra (Commandant de Brigade). Natao ny ezaka rehetra nanavotana ny ain'ilay maherifo izay voatery notsaboina taty Antananarivo nohon'ny ratra nanjo azy, nandritra ilay fanafihanjiolahy nitranga tao Befandriana Avaratra ny alin'ny 29 Jolay lasa teo nefa tsy tana ny ainy. Raha tsiahivina dia nodimandry tamin'ny 01 aogositra ilay Ben'ny tanànan'i Belalòna Befandri-ana Avaratra izay voa- tifitra niaraka taminy tamin'io asan-jiolahy io, ka vao tamin'ny 05 aogositra no nentina nianavaratra ny razana. Ny Fia- nakaviamben'ny Zandarimariam-pirenena dia mirary fiononana ho an' ny fianakavian-dRatompokolahy sy ny fiaraha-monina ao Befandriana avaratra. Ho tsinjovina manokana ireo ankohonany araka ny andinin-dalàna velona. Mbola eo andalam-pikarohana ireo nahavanondoza sisa tsy voasambotra ny any an-toerana amin'izao fotoana, ka manome toky fa tsy maintsy ho tratra ireo olondratsy ireo.

***Ny Valosoa***

## TONONKALO

### TSY HO TOMPOINA FA HANOMPO

Vao nomena seza ve dia naka rivotra sahady ?
Mbola tsisy zava-bita dia efa lasa nibalady ?
Izany ve no hoe hanompo sy hitondra firenena ?
Sao dia fihetsika maneho fitiavantena sy hafetsena ?

Dia hiverina indray rehefa afakafa-bizana ?
Ary ny tsy mety hatrany ve no mbola hotohizana ?
Mihevera , mihevera ianao ry olona voatendry,
Fa matoa ianao nantsoina dia noheverina ho hendry !

Tsy iarovana antoko ny fanaovam-politika,
Fa iarovana vahoaka , Malagasy toa antsika .
Koa matoa ianao nantsoina sy nanaiky ny hijoro,
Dia tsy hatoritory foana na koa hidorororoi.

`Ndeha ovay ny fomba fiasa , indrindra indrindra ny fijery,
F`aza "ny an`antoko" foana na koa "ny ho ahy irery".
Ny vahoaka no tsimbino , izay no antony ijoroana.
Tsy hotompoina , sanatria, fa ny ho mpanompo no niantsoana .

***SEDERA RAVALISON (06-08-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny boriborintany voalohany CUA nitondra fanampiana ho an'ireo may trano teny Andavamamba Anatihazo.





Ny fanamboaran-dalana ataon'ny boriborintany faha 5 eny Tsarahonenana.






## Sakafo Ny Valosoa



**Saosety sy totonkena** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fanalana kankana




Fomba natoraly fanalana kankana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. VOAM-BOATAVO : maka voam-boatavo iray tanana dia totoina dia atao mifangaro amin'ny ronono dia hanina. Afaka tsakoina amin'izao koa ny voam-boatavo. KARAOTY : ny karaoty dia atao jus ary sotroina marain alohan'ny sakafo. VOA PAPAY : voana papay iray tanana alaina dia totoina dia afaka afangaro rano mafana, na afangaro amin'ny sakafo koa. #MANANASY : hanina alohan'ny sakafo maraina ny mananasy. TAMOTAMO : ny tamotamo dia atao vovony 1sotro kely dia iny vovony iny afangaro amin'ny rano mafana iray kaopy ary sotroina alohan'ny sakafo maraina. SAKAMALAO : afaka hanina amin'izao ny sakamalao atao matetika. Ny tsara dia totoina izy dia atao dite saingy tsy asiana siramamy. CAYENNE(sakay lava mena) : totoina izy rehefa maina dia afangaro amin'ny sakafo. JIROFO : totoina dia afangaro amin'ny rano mafana iray kopy ny girofle 1sotro kely avela 2 min vao sotroina alohan'ny sakafo. LAISOA : afaka atao lasary , na hanina amin'izao. Marihina fa ireo fanafody natoraly ireo dia tsy maninona na hanina isan'andro aza.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Betioky Atsimo any amin'ny faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Betioky Atsimo any amin'ny faritra Atsimo Andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Betioky Atsimo. Tsy dia avo toerana ity tanàna ity satria 210 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny lalampirenena faha-10 (RN 10) ity tanàna ity, avy any Andranovory Sakaraha no mivily mankany amin'ny RN7 iny. Manana seranam-piaramanidina ity tanàna ity, izay hahafahan'ny mpizahatany mitsidika ny valan-javaboahary manokan'i Bezaha Mahafaly, izay 35 km avy ao. Vokatra any ny vary sy ny haninkotrana isan-karazany.




## NY TENY FIAINANA

*Mihainoa ianareo, ka mandrenesa ny feoko; mitandrema, ka mandrenesa ny teniko.*

***Isaia 28:23***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Hirotsaka ben'ny tanàna Ra-Clémence, anisan'ny hahazo zéro virgule



mitondra taxi iz ka mbol ts tonga I oul def takian frais fa ividianana essence. Ary ts ny taxi rehetra no mpikambana ao aminy, misy fikambanana taxi hafa izay be mpikambana tsy miaradia aminy.

**Tomboniaina Michel Roger :** mety ve izy ra hoe ahena ny isan'ny taxi alohan'ny fifidianana, fa maro loatra, ka mahabe accident matetika. mba fangatan'ny olona mety hanohana azy.

**Caille Papelika :** marikivy hatramin'ny tanàna ra izao no hofidina.Hafa ihany Dada sy Neny ry Sipa a!

**Honoré Donatien :** izany ny olona efa vonona na rahampitso aza ny fifidianana Ben'ny tanàna dia i Clémence Raharinirina io. Itony ilay anisan'ny hahazo zéro virgule rehefa tonga tokoa izany fifidianana izany. Tsy rehefa hoe mitarika fikambanana kely misy mpikambana an-jatony vitsivitsy dia hirotsaka. Leo hanao ho hit any zero virgule ho azony.

**Zou Dabolava :** ary toa valaketraka izato izy, nga noterena hilatsaka?!

**Honoré Donatien :** azafady Zou. Ts valaketraka izy fa entim-po be izy io t@ dondresaka tao satria velesin'i LALATIANA tao amin'i Dondresaka tao. Candidat- mpanjakana hono e! Dia ho voa mafy ny fanjakana raha io no ho kandidàny.

**Zou Dabolava :** hay ve e, ka le fanjakana anie mivadibadika ohatran'ny lela may e!

**Marius Maixent Ndremaso :** betsaka no milaza tena fa vonona nefa tsy VANONA ! Ireo vanona kosa anefa dia matetika tsy vonona. Indrisy anefa, mila OLOM-BANONA ny firenena ! Olom-banona sy matahotra an'Andriamanitra toa ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, izy ihany no anisan' ny mbola mendrika hitondra an'Antananarivo.

**Jenny Rakotozafy :** hahahahahaha inona moa fa tsy zéro virgule indray no ho azon-dRa-Clémence eo!

**Freddy Rado :** Honoré Donatien, ah ts mety io an!

**Honoré Donatien :** angaha moa misy hoe mety na tsy mety fa izay rehetra entanin'ny fony, ka te hitsapa ny halalin'ny rano dia afaka milatsaka daholo.

**Lalaoarisoa Razafindrafara :** vonona ve zao ohatry ny te hitomany zao, kkkk!!!

**Honoré Donatien :** aza ny paoziny no jerena fa ny hamaroan'ny taxi eto Tana.

**Jaonarivelo Heryniaina Aurelien :** taxi ihan no hainy e, nga ataon hotran

**Solofo Raphael Andrianjafiniaina :** ATAO INONA IO E !? IZAY TENA HANAO ZAVATRA ASE-HO EO.

**Rabeson Joel :** mampivondrona ny Taxi rehetra aza tsy vitany!

**Manohana An'i Bina DistrikaAndramasina :** ALEFA Neny a ! ny anay ny ben'ny tanàna Lalao Ravaalomanana ihany, izy no vehivavy voalohany voafidy nitondra an'Antananarivo ary hita fa mahavita, be ny zava-bitany, ny jamba ihany no minia mikimpy tsy mahita!

**Navalona Helico :** ny hafahafa kokoa fa tsy izay te hirotsaka rehetra izao dia mirotsaka.

**Francia Ratsiresy :** nulle!!! Zéro virgule tokoa raha i Clémence no hirotsaka izany.

**Kolo Jaymbelo :** fa nga Ramarikivy no anarany vaovao?

**Honoré Donatien :** tandremo manaratsy candidat-mpanjakana fa sao migadra eo. Hihihiiii !

**Aris Razanakiniaina :** zay tsy mila na kandidàm-panjakana io, na kandidà ny mpitondra taxi. Neny na izay hisolo azy ihany raha tsy hirotsaka izy nenay.

**Willy Jocelyn :** ny toetra ratsy no kobo aloha eh! Tsy misy hafa-tsy fanaratsiana Commune izay miasa izay no ataony. Alefa Neny!! Neny Lalao Ravalomanana!

**Rola Gosi :** tsy mety raha ny Olona otran'iToni no hitondra tanàna, tonga dia marikivy ay hatrany Antananarivo.

**Lucien Ranaivoarijaona :** o ry Antananarivo o ! Sao mba misy "classe" tokony mba takianao ihany ? Ohatran' ny maro loatra ny te ho Ben'ny tanàna. Mino aho fa Antananarivo mbola Antananarivo foana…

**Justin Pierre Rakotonavalona:** Antananarivo dia mbola an'ny TIM sy ny mpiara-diaa aminy, ka izay harotsaky ny TIM eo ihany no hanana chance ho Maire, na iza ion a iza!

### MAY TRANO TENY ANDAVAMAMBA ANATIHAZO

# Namangy sy nitondra ny voatsirambin'ny tanana ho an'ny niharam-boina ny CUA

Tonga nidododo sy nisolotena ny Ben'ny Tanànan' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana, naman-gy sy nampionona ary nitondra ny voatsirambin'ny tanana ho an'ireo niharam-boina may trano teny amin'ny Fokontany Andavamamba Anatihazo ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Randriamamonjy Lantoni-aina sy ireo mpiara-miasa aminy ny talata teo. Rehefa misy tokoa mantsy ny voina izay mahazo ny vahoaka toy izao dia tsy mamela azy ireo irery ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, fa mandray ny andraikitra izay tandrify azy ireo, toy ny fanampiana ireo fianakaviana amin' ny fikarakarana ireo antontan-taratasy izay may sy izay ilaina amin 'izany. Raha tsiahivina dia nitrangana hain-trano nahatsiravina teny amin'ny Fokontany Andavamam-ba Anatihazo ny alin'ny alahady lasa teo, ka maty nandritra izany ny Renim-pianakaviana iray sy ny zanany telo mianadahy, mbola manaraka fitsaboana eny amin'ny hopitaly kosa ny 2 tamin'izy ireo noho ny ratra mafy izay nahazo azy. Omaly no nihazo an'i Faratsiho ireo fianakaviana mba hanatanteraka ny fandevenana ny maty.



*Ny Boriboritany voalohany CUA, nitondra izay voatsirambin'ny tanany ho an'ireo niharam-boina may trano.*

***Helisoa***

### Boriboritany faha-6 (CUA)

# Manamboatra lalana hatao rarivato mampifandray fokontany miisa 3

Efa 20 taona mahery no tsy nisy fanamboarana intsony ny lalana anaty tanàna mampifandray fokontany 3 ao amin' ny boriboritany faha6, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) mivoaka eo Ambodivonkely. Maro ny fahasahiranana haterak'izany, toy ny tsy fahafahan'ny fiara vaventy maka ny fako amin'ireo toby fanariam-pako iraisan'ireo fokontany 3. Nandray an-tanana ny fanamboarana ity ampahan-dalana ity ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), araka ny toromarika avy amin'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ao anatin'ny tetik'asa lalankely. Ezahana hatao rarivato izany, araka ny fanazavan'ny lefitry ny delegen'ny Boriboritany faha-6, Randrianantoandro Sitraka. Misy ny fitaovana vaovao ampiasaina vao novidian'ny boriboritany anaovana izao lalana izao, ny ekipa teknika avy amin'ny boriboritany faha-6 no manatanteraka ny asa. Mamaha amin'ny ampahany ny fitohanan'ny fifamoivozana eny Ambohimanarina sy ny manodidina ny fahavitan'ity ampahan-dalana ity, izay ahafahan' ny fiara manao hitsin-dalana, hoy ny fanazavana nomen'ny solontenan'ny mponina Ambodivonkely Ambohimanarina Rajaonarivony Faly. Mbola hitohy amin'ny fokontany hafa izao fanamboaran-dalana ao amin'ny Boriboritany faha-6 izao.



*Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny Boriboritany faha-6, nijery ny hanatanterahana ny fanamboaran-dalana.*

***Stefa***

### Andohatapenaka voalohany Boriboritany I

# Natolotra ny mponina ny lalankely mirefy 180 m vita tsara sy voakaly

Natolotra ireo mponina eny amin'ny fokontany Andohatapenaka Voalohany ny lalankely vita rary vato izay mirefy 180 metatra ny talata teo. Tonga teny an-toerana nanolotra izany fotodrafitr'asa izany ny delegen'ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Randriamamonjy Lantoniaina sy ireo mpiara- miasa aminy. Araka ny nambaran'ny Delegen ny Boriboritany Voalohany dia naharitra teo amin'ny tapabolana teo ho eo ny fanamboarana ity lalan-kely ity, voakaly sy voarindra tsara araka ny tokony ho izy ity fotodrafitr'asa ity ary haharitra aman-taonany maro ny faharetany. Nilaza ihany koa izy fa santatra ambavarano ihany izao fa ny manetsabe mbola ho avy. Ankoatra izay dia nijery ny zava-misy teny an-toerana ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, ka tamin'izany indrindra no nilazany fa hanao ezaka izay tratry ny heriny ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ny fijerena ny mahaolona ireo mponina izay monina eny amin'ny faritra iva. Faly tokoa izahay hoy ireo mponina teny Andohotapenaka Voalohany amin'ny fijeren'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ny fokontaninay, ka nahavitana izao fotodrafitr'asa izao. Afapahasahiranana izahay satria dia nirobo-drano sy mijaly tanteraka rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra noho izany dia maneho ny fisaorana ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra izy ireo amin'izany. Manentana ireo mponina araka izany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra mba hanaja ireo fotodrafitr'asa izay efa vita satria fananana iombonana izany. Ny fanamboarana lalan-kely eny amin'ny Boriboritany Voalohany kosa dia mbola hitohy eny amin'ny Fokontany Antetezana Afovoany Voalohany.



*Lalankely vita tsara sy voakaly ao amin'ny Boriboritany voalohany.*

***Aly***

BORIBORITANY FAHA-5 (CUA)

## Am-pamaranana ny lalana atao rarivato eny Tsarahonenana

Eo am-pamaranana ny asa fanamboarana ny arabe atao rarivato na pavé eny Tsarahonenana ny ao anivon'ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ankehitriny. Ampahan-dalana izay nampikaikaika ireo mponina mifamezivezy eo efa nandritra ny fotoana maharitra, no namboarin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana. Ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy no miara-misalahy manamboatra ity lalana ity. Entanina hatrany isika mponina araka izany mba hikajy ireny fanànana iombonana ireny. Izao no natao dia ho fitsinjovana ny vahoaka eny ifotony araka ny tarigetra napetraky Ramatoa Lalao Ravalomanana Ben'ny tanànan' Antananarivo.



Ny fanamboaran-dalana ao amin'ny Boriboritany faha-5.

**Aly**

Tsy fandriampahalemana

## 3 lahy nikasa haka olona an-keriny, voasambotry ny zandary

Tsy amin'ny tanàn-dehibe ihany no misy ny fakana olona an-keriny, na kidnapping fa amin'ny faritra ambanivohitra koa. Tany Betroka, faritra Anôsy, nisy ny fikasàna haka an-keriny, 3 lahy no voasambotry ny Zandary tamin'izany. Nikasa haka an-keriny ny filohan'ny Fokontanin'i Maroraza, Kaominina Tsaraitso, Distrikan'i Betroka izy ireo ny herinandro teo. Tsikaritry ny Fokonolona tao an-toerana ny fihetsik'ireto olon-dratsy ireto toa hafahafa, ka niroso tamin'ny fisamboran'azy telo avy hatrany ny mpiray dinan'i Mangoky sy ny Zandary ao Betroka. Mbola tanora erotrerony avokoa izy telo lahy, ary anisan'ireo jiolahy ikoizana any amin'iny Distrikan'i Betroka iny, izay faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana ankehitriny. Notazomina atao famotorana ao amin'ny Tobim-paritry ny Zandarimariam-pirenena Betroka izy ireo, ary hatolotra ny Fampanoavana avy hatrany avy eo.



Ireo 3 lahy nikasa haka olona an-keriny, saron'ny zandary.

**Ny Valosoa**

Andohatapenaka

## Mpangalatra moto, vao nahita ireo polisy dia nirifatra nitsoaka

Noho ny hetsika izay nataon' ny polisy teny amin'ny faritra Andohatapenaka iny, moto nisy nangalatra miisa 3 no azon'izy ireo tamin'izany. Noho izay antony izay, iangavian'ny polisy izay tompona moto jog miloko mena mba hanatona eny amin'ny kaomisaria ny boriboritany fahafito haka ny moto-ny. Nandritra ny « opération coup d'arrêt » nataon'ny polisy teny amin'ny faritra Andohotapenaka ny 28 jolay teo no nahitana olona nanosika ity moto mena ity, ka vao nahita ny polisy nanao fisafoana teny amin'ny faritra iny ilay mpangalatra dia nirifatra nitsoaka avy hatrany. Miisa 03 ny moto halatra azon'ny Polisy tamin'io fotoana io ary efa tonga teny amin'ny Polisy avokoa ny tompon'ireo moto anankiroa, fa ilay moto miloko mena sisa no mbola iandrasana ny tompony, ka anaovan'ny mpitandro filaminana izao filazana izao.



Ilay moto mena nisy nangalatra fa azon'ny polisy.

**Ny Valosoa**

Total CAF Champions League 2019

## Pamplemousse SC hifanandrina amin'ny Fosa Junior

Baolina kitra fiadiana ny amboaran'ny tompon-dakan'i Afrika, ao anivon'ny CAF, na ny Kaonfederasiona Afrikana momba ny Baolina Kitra, hotanterahina ao amin'ny Kianja Rabemananjara any Mahajanga ny tolakandron'ny sabotsy 10 aogositra 2019 ho avy izao ny lalao mandroso amin'ny dingana savaranonando amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika amin'ny ekipa tompondaka, na ny Total CAF Champions League 2019. Hifandona amin'izany ny ekipan'ny Fosa Juniors avy amin'ny faritra Boeny Madagasikara, sy ny Pamplemousse SC avy atsy amin'ny nosy Maorisy. Azo heverina ho tsara toerana hiakatra amin'ny dingana manaraka ihany ny Fosa Junior, satria tokony ho zakany tsara raha izany ekipa tompon-dakan'ny Nosy Maorisy izany.

**Lita**



Ny ekipan'ny Fosa Junior Madagasikara.

**SARIITATRA :** *Ohatry ny any amin'ny tany miady ny eto amin'ny tanàna*




PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Miora R

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**03/08/19 hatramin'ny 10/08/19**

- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 940-08-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FANISANA ANKAPOBENY 2018**

# 25 tapitrisa mahery ny isan'ny mponina eto Madagasikara

Navoaka tamin'ity herinandro ity ny vokatry ny fanisana ankapobeny andiany faha-3, ny isan'ny mponina eto Madagasikara, fanisana izay natao ny taona 2018 lasa teo. Nanatantetaka izany fanisana ankapobeny ny isan' ny mponina izany ny INSTAT, na ny Ivon-toeram-pirenena momba ny antontan'isa. Ity no fanisana andiany faha-3 natao teto amintsika, ny voalohany tamin'ny taona 1975, ny faha-2 tamin'ny taona 1993 ary ny fahatelo ity natao tamin' ny herintaona ity. Araka ity fanisana ity, mahatratra 25 680 342 no isan'ny mponina eto Madagasikara tamin'ny fahavitan' ny fanisana. Ankehitriny efa mety ho 26 tapitrisa latsaka ny isan'ny mponina eto amintsika satria eo amin'ny 3% isan-taona eo ny fitomboan'ny mponina eto Madagasikara. Antananarivo no faritany be mponina indrindra, 7 tapitrisa mahery ny mponina ao, ary Antsiranana no faritany vitsy mponin indrindra, 2 tapitrisa mahery ny mponina any amin'iny tapany avaratr'i Madagasikara iny. Ilaina amin'ny lafin-javatra maro ny fahafantarana ny isan'ny mponina izay, indrindra eo amin'ny lafiny toekarena sy sosialy, mba tsy hanaovanaovam-poana amin'ny tetikasa tiany hatao. Ra-ha hanao sekoly na hanao hopitaly ohatra, ilaina ny fahafantarana ny isan' ny mponina, mba hifanaraka amin' izay isan'ny mponina izay ny foto-drafitrasa atao, fa tsy ho sanatria lasa kely loatra, na lehibe loatra tsy mifanaraka amin'ilay isan' ny mponina eo amin'ny toerana iray,…

***Aly***

FANISANA ANKAPOBENY FAHATELO NY MPONINA SY NY TOERAM-PONENANA

| | ISAN'NY MPONIN'I MADAGASIKARA | | |
|---|---|---|---|
| | 1975 | 1993 | 2018 |
| Antananarivo | 2.167.973 | 3.601.127 | 7.264.922 |
| Fianarantsoa | 1.804.365 | 2.550.190 | 5.162.291 |
| Toliary | 1.034.114 | 1.772.610 | 4.212.354 |
| Toamasina | 1.179.606 | 1.995.461 | 3.892.262 |
| Mahajanga | 819.750 | 1.364.793 | 3.135.764 |
| Antsiranana | 597.982 | 954.733 | 2.012.749 |
| | 7.603.790 | 12.238.914 | 25.680.342 |

***Ny isan'ny mponina teto amintsika tamin'ny 1975, 1993 ary ny taona 2018.***

Digy Anosizato Boriboritany faha-4

# Naato ny asan'ireo mpanao biriky ho fisorohana ny mety ho fahavakisana

Nandray andraikitra avy hatrany ny boriboritany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), manoloana ny zava-mitran-ga eny an-toerana. Mpa- nao biriky maromaro no hita sy tsikaritra mandavaka ny sisin'ny digy Ano- sizato, izay hita fa tena miha-loaka, ka mety hitarika fahavakisana ato ho ato, araka izany dia nandray fepetra avy hatrany ny ekipa teknikan' ny boriboritany faha efatra natsahatra ny asan' izy ireo. Nomena taratasy fampiantsoana avy izy ireo ary antenaina fa ho tonga eny amin'ny boriboritany hijerena ra-ha manana ny taratasy fazahoan-dalana feno nahafahany manao biri-ky eo amin'io toerana io. Raha sanatria tokoa mantsy ka misy fahavakisany ny arabe sy ny digy amin'iny faritra iny dia mety hiparitaka manerana an'Antananarivo Renivohitra ny ranon' Ikopa, ka ho lasa dibo-drano ny faritra iva manodidina. Raha ny toko-ny ho izy dia eny amin'ny nosy kely afovoan-drano ireto mpanao biriky ireto no tokony hihady ny tany izay ilainy, fa tsy eny amin'ny sisin'ny arabe sy digy toy ny ataony ankehitriny. Noraisina izao fepetra izao mba ho fisoro- hana ny loza mety hitranga, ary ho fitsinjova-na hatrany ny soa iombonan'ny mponin'Antananarivo Renivohitra.


***Aly***



***Ny fampiatoana ny asan'ireo mpanao biriky mandavaka ny digin'Anosizato.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 289




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0288)

***Mitsivalana***
- Volamena
- Asako – At
- Ranomena
- Amy – Bodo
- Tra
- Rora – Hao
- Ala – Fay

***Mitsangana***
- Varatra
- Maso (Miv) – Lo (Miv)
- Lanitra
- Ako – Rà
- Momba
- Eo – Ha
- Nandray
- Atao

## TENY MIFANARAKA N° 289



**Mitsivalana**

**1.** Miparitaka **2.** Harena (Miv) – Fototenin'ny mandao **3.** Embona (BR) – Raharaha **4.** Fifanolanana (Miv) **5.** Eritreriny **6.** Tsy tsaroana **7.** Kanto – Teny miangavy, mandrara **8.** Heno – Vita amin'ny tanimanga (BR) – Firenena (BR) **9.** Ao amin'ny rora – Toeram-piasana **10.** Zava-maniry (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Tsy salama – Aviavy **B.** Bengy – Fanaviana **D.** Taranakao **E.** Hazo maro tapaka – Havana **F.** Ampahatelon'ny rononono – Tamy – Farateny (Miv) **G.** Nikaroka (Miv) – Gia **H.** Vahiny – Kianteny **I.** Marary saina (Miv) – Ilaina amin'ny fanorenana izay atao (Miv) **J.** Lio – Nitetika, naniry (BR) **K.** Jamoka – Milaza fananana

### Valiny Teny mifanaraka 0288

***Mitsivalana***

1 Maloto – Soa **2.** Ivoloina **3.** Ao – Dakao **4.** Ambola **5.** Anabavy – Id **6.** Eo – Roa (Miv) **7.** Lona (Miv) – Kanto **8.** Mitolona **9.** Inona ? – Na **10.** Sokaizany

***Mitsangana***

**A.** Miala – Sima (Miv) **B.** Avo – Nenina **D.** Lo – AA – Koto (Miv) **E.** Olombelona **F.** To – Bao – Lay **G.** Vidio (Miv) – Ko **H.** Lany (Naly) – Aina (Miv) **I.** Soka – Ana **J.** Toy (Miv) – Ny **K.** Avandrona

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanokafana ny fivorian'ny Filan-kevitra monisipalin'ny tanànnan'Antananarivo tetsy Analakely.





Ny fanolorana ny lalankely vita nataon'ny boriborintany voalohany teny Andohatapenaka.






Ny fampiatoana ireo mpanao biriky teny amin'ny digue Anosizato nataon'ny boriborin-tany faha-4.





Ny boriborin-tany faha -6 nijery ny hanamboaran-dalana eny Ambodivonkely.



